
# ALAHADY FAHA 31 MANDAVANTAONA -B-2024



## IZANY NO DIDY VOALOHANY ARY NY FAHAROA DIA MITOVY AMINY IHANY KOA

Ry Kristianina havana, ity alahady ity voalohany amin'izao volana novambra izay volana ivavahantsika manokana ho an'ireo havantsika nialoha lalana antsika na dia natombotsika aza izany omaly sy tamin'ny 1er novambra fetin'ny olomasina rehetra izay nifanojo tamin'ny zoma voalohan'ny volana. Marina isan'andro isika mahatsiaro azy ireo ary miombona amin'izy ireo amin'ny eokaristia masina nefa ity volana ity no misongadina kokoa izay. Tsara ihany koa ny manao jery todika ny volana oktobra nivalona isika fa indrindra miatrika izao sinaody faha-7 fijanonana faha 3, 3ème session izao. Mino aho fa efa any am-pelatanantsika ny torolalana na lineamenta. Araka izany izany tsy fitambarana fanontaniana iny fa torolalana ka fitaovana entina mijery, misivana, ary mikatroka araka ny lohahevitra FIANAKAVIANA EGLIZY KELY MPIRAY TAMPO MIFAMPITSIMBINA MIFANASOA MIKATSAKA NY SOA IOMBONANA. Araka ny voalazantsika manohy ny KEN2024 mba haninteraka ny fiainana izay fankalazana lehibe izay.

> **Vakiteny I :** Det. 6, 2-6
> **Tononkira :** Salamo 17
> **Vakiteny II :** Heb. 7, 23-28
> Evanjely : Mk. 12, 28b-34

Tsara manao jery todika amin'izy ireny mba hahafahantsika maka lesona ary indrindra hamahatra ny finoantsika. Volana Oktobra no mivalona, volan'ny Raozery. Matetika eo anivon'ny fianakaviana no fanaovantsika Raozery. Asa nanao akory ? fa indrindra miatrika izao Sinaody izao isika. Sinaody eto anivon'ny diosezy sy Sinaody eo anivon'ny Eglizy Erantany ka ny lohahevitra rahateo mifanojo : Mba ho Eglizy Miara-dia, Miara-dalana amin'ny fiombonana, amin'ny fandraisana an-tanana, amin'ny fanirahana. Ny eto amin'ny Diosezy : Eglizy Olo, Velomin'ny Batemy mba ho Tabernakla velona.

Ao anatin'izany rehetra izany no anoloran'ny Eglizy amintsika ireo vakiteny telo izay azo lazaina fa mametraka ny fototra maha-Kristianina antsika sy ny anjara toeran'ny fivavahana amin'ny fiainantsika andavanandro ary mifanaraka tsara amin'izao sinaody tanterahintsika izao indrindra. Tsy inona tokoa ny lohahevitra tian'ny Eglizy hodinihantsika amin'izao alahady faha-31 mandavantaona izao sady alahady voalohany amin'ny volana novambra mampiditra antsika amin'ny famaranana ny taona litorjika amin'ny fankalazana an'i Kristy Mpanjaka fa ny Fitiavana. Io no hahafahantsika mampivelatra ny fifandraisantsika amin'ny tontolo 3 mamaritra ny maha olona antsika. Indrisy anefa araka ny averimberintsika matetika simba io fifandraisana 3 io dia ny fifandraisantsika amin'ny tontolo iainantsika dia ny zava- boahary, simba ny fifandraisantsika samy isika amin'ny tontolom-piainantsika, simba ny fifandraisantsika amin'Andriamanitra dia ny tontolom-pinoana ka ny hanarenana an'izany no ataontsika dia ny fiainana ny fitiavana miainga avy amin'ny finoana entanin'ny fanentanana nentin'I Kristy nandresy ny ratsy. Mila fampihavanana vaovao isika ilay fampihavanana nentin'I Kristy Fihavanana, izay voasongadintsika tamin'ny KEN 2024. Araka ny averimberintsika matetika tsy tanjona ny fankalazana fa dingana lehibe hanampy antsika hiroso amin'ny tena fihavanana, fihavanana sady kristianina no malagasy. Io no ezaka lehibe ataontsika amin'izao sinaody fijanonana faha 3 izao izay nolazaintsika ho fiainana mivantana izay nankalazaina tamin'ny KEN. Eo amin'ny kihon-dalana lehibe ho antsika izany sinaody fijanonana faha-3 izany satria mila fiovana goavana. Mila fomba fijery vaovao. Izany no ilaina ny fahaizana mifampihaino sy fahaizana mijery ny zava-misy na hoe "signes de temps".

Matetika ny hevi-diso manjo antsika momba ny fivavahana dia mihevitra isika fa fanatanterahana fomba fivavahana toy ny Vavaka isan-karazany, ny sakrifisy, ny pelerinajy, ny fanaovana dévotion isan-karazany no ataontsika hoe mivavaka. Marina ary anisan'ny fivavahana ireny ary fitaovana manampy antsika amin'ny fivavahana fa tsy ireny no tena fototry ny fivavahana na ny fanatanterahana sy ny fahafantarantsika ny didin'Andriamanitra fotsiny na ny sakramenta ka mahatonga antsika hilaza vita an'izao, vita raha jiaby, tsy ampy ireny. Ny tena fivavahana izany hoe ny maha-kristianina mpanara-dia an'I Kristy ka zary Kristy Mpiara-belona amin'ny olona ka zary EOV MISIONERA VELOMIN'NY BATEMY KA ZARY TABERNAKLA VELONA dia isika mahay mandrindra ny fifandraisana amin'Andriamanitra, ny fifandraisana amintsika samy isika sy ny fifandraisantsika amin'ny zava-boahary ka ny fototr'izany rehetra izany dia ilay voalazan'i Jesoa ao amin'ny Evanjely dia ny fivelomana an'ireo didy anankiroa izay midika zavatra iray ihany dia ny fitiavana an'Andriamanitra sy ny fitiavana namana. Izany no foto-kevitra amin'izao Alahady faha-31 mandavantaona izao. Raha atao amin'ny teny hafa dia io ny fihavanana sady kristianina no malagasy.

Ny vakiteny voalohany ao amin'ny boky Deteronomy mametraka sahady ny fototry sy loharano ny fitiavana "*Mihainoa ry Israely*" tsy afaka hifankatia isika raha tsy misy ny fihainoana. Ho an'ny vahoakan'Andriamanitra ao amin'ny Testamenta Taloha dia tsy mba nisy ny fiekem-pinoana tononina toy ny mahazatra antsika amin'izao vaninandro iainantsika izao fa ny fihainoana sy fankatoavana ny Tenin'Andriamanitra no fanehoana ny finoana iainan'izy ireo. Tsy mitandregny fotsiny fa mampiditra ao am-po ny Tenin'Andriamanitra tahaka ny nataon'i Masina Maria nitahiry izany rehetra izany tao am-po. Ny lohalaharana voalohany eo amin'ny fiainam-pivavahana nampianarin'Andriamanitra tamin'ny vahoakan'Israely dia ny fihainoana. Toetra tsy maintsy hananan'ny mpivavaka rehetra izany dia ny fahaizana mihaino an'Andriamanitra, mihaino ny Teniny, mahay mihaino ny manodidina anao. Ny manimba ny fiainantsika izao dia ny tsy fahaizantsika mihaino. Matetika

manko hita amin'izao vanim-potoantsika izao ny "écouteurs" tsy afaka amin'ny sofina ka tsy afaka mifampihaino intsony isika satria mihaino izay mahafalifaly sy manaitra antsika fa tsy mitodika amin'ny hafa. "Ecouteurs" no maro fa tsy Mpihaino nefa ny dikan'ny hoe "écouteur" mpihaino. Mifanohitra amin'izany ny zava-misy noho ny fanompoana ny fandrosoana diso toerana. Aza gaga àry isika raha simba ny tontolo iainantsika satria tsy misy intsony ny fahaizana mihaino, tsy mifampihaino isika fa mihaino ny tenantsika izany hoe ny fitiavan-tenantsika. Hitantsika izany amin'ny fiainan'ny fianakaviana, fiaraha-monina, firenena sy ny fiainan'ny eglizy. Mila fahaizana mihaino ny androntsika izao satria izany no fototry ny fifandraisana. Tsy mahay mihaino ny tontolo iainana isika satria tadiavintsika ho fitaovana ho antsika ny tontolo iainana ka ataontsika ahazoana ny filàna fotsiny ka potika ny tontolo iainantsika. Ny tontolom-pinoana dia simba koa noho ny tsy fahaizantsika mihaino ka lasa mikorontana. Io fahaizana mifampihaino, mihaino ny hafa sy fahaizana mijery ny manodidina no "exercices" tsy maintsy ataontsika amin'izao Sinaody izao raha tiantsika hisy vokatra ary izany indrindra no nahatonga antsika miatrika azy any amin'ny fototra mihitsy. Miainga avy any ny fiaraha-mivavaka sy fiaraha-midinika ka amin'izany ilay "départ vaovao" dia mivahatra amin'ny fototra mihitsy ka latsa-paka amin'ny fiainana.

Ny dingana faharoa amin'ny maha-krsitianina ka hahatonga antsika ho EOV Misionera Tabernakla velona ho Kristy Mpiara-belona amin'ny olona dia ny fitiavana ny namana izay azo lazaina fa fitsipika volamena ho an'ny fiainantsika araka ny voalazan'i Jesoa tamin'ilay mpanora-dalàna nanontany azy ny mety ho voalohany amin'ny didy rehetra, hoy indrindra I Jesoa taminy : "*Ny voalohany indrindra amin'izy rehetra dia ity: Mihainoa, ry Israely: ny Tompo Andriamanitsika no hany Tompo tokana; koa tiavo ny Tompo Andriamanitrao amin'ny fonao manontolo, sy amin'ny fanahinao manontolo, sy amin'ny sainao manontolo, ary amin'ny herinao manontolo. Izany no didy voalohany. Ary ity no faharoa mitovy aminy ihany koa: Tiavo ny namanao tahaka ny tenanao. Tsy misy didy lehibe mihoatra noho ireo". Rehefa* " Dia hoy ilay mpanora-dalàna tamin'i Jesoa : "*Tsara izany, ry Mpampianatra, marina indrindra ny nilazanao fa tokana Andriamanitra, ary tsy misy afa-tsy Izy, ka ny tia Azy amin'ny fo manontolo, sy amin'ny fanahy manontolo, ary amin'ny hery manontolo, ary ny tia namana tahaka ny tena, dia lehibe lavitra noho ny sorona dorana rehetra, sy ny fanatitra hafa rehetra"*

Tsy lavitra ny fanjakan'Andriamanitra ianao hoy i Jesoa namaly ilay mpanora-dalàna. Raha te-hahita fivelarana amin'ny tontolom-piainana, amin'ny tontolo iainantsika sy ny tontolom-pinoantsika, raha te-ho taranaka mpanorina tokoa isika ka eo anivontsika amin'izay fanjakan'Andriamanitra dia anisan'ny fitsipika fototra, fitsipika volamena amin'izany fifandraisana izany ny fitiavana ny namana tahaka ny tena. Izany ho nahatonga an'I Gandhi mpitari-tolona indiana malaza izay nampianatra ny momba ny "non violence"izany hoe tsy mampiasa ny herisetra na oviana na oviana, nahita ny tenin'i Jesoa izy io dia vaky vava nilaza hoe "izaho sy ianao dia toy ny tena iray ihany ka, tsy afaka manisy ratsy anao aho raha tsy efa nandà ny tenako nefa izaho tsy afaka handà ny tenako, noho izany izay tianao atao amin'ny tenanao no aoka tanterahinao amin'ny manodidina anao, vokatr'izay miova ny fifandraisana. Raha tianao ho tsara ny tontolo iainanao dia tsy hanao tevy ala ianao, tsy handoro tanety ianao, tsy hamelona motro fa hikolokolo sy hanatsara ianao ka hamboly kakazo. Raha tianao hilamina ny fiaraha-monina misy anao dia aoka hifankatia amin'ny namanao ianao. Tsy ampy ny mitia ny namana tahaka ny tena fotsiny satria toa ny tena ihany no jerena fa ao amin'ny Testamenta vaovao mampianatra i Jesoa hoe : "*mifankatiava ianareo toy ny nitiavako*

*ianareo, ataovy izao ho fahatsiarovana ahy"* raha nanasa ny tongotr'ireo mpianany izy. Tsy ampy ny fepetra sy ny fanatanterahana ny didy fotsiny, ho antsika Kristianina, fa ny fitiavana maimaim-poana tsy misy takalo tahaka an'i Jesoa manompo no tena fitiavana ary izany no fitsipika faratampony ka iezahantsika amin'ny fiainantsika andavanandro. Mba ho tanteraka tokoa izany mba tsy ho nofo dia mila mibebaka isika rehetra. Matetika ny fifandraisana eto amintsika fa indrindra rehefa misy fifaninanana dia izay mifanohitra hatramin'ny tsy mitovy hevitra dia zary fahavalo daholo ka mila ailika. Io no tsy maintsy miova raha te hanorina fihavanana marina tsy misy fitsarahambelatsihy isika.

Hamafisin'ny taratasy ho an'i Hebrio izany fa i Kristy no tena Mpisorona tsy manam-paharoa ka naneho ny tena fitiavana satria izy masina tsy manantsiny, tsy misy mpentina nanaiky ho sorona nanolotra ny tenany ho antsika mba ho fanavotana antsika. Ny tena fitiavana dia ny fahafoizana ho fanasoavana ny hafa.

Raha ampiharina amin'ny fiainana andavanandro fa indrindra amin'ny fiainam-pirenena izany rehetra dia azo fintinina tahaka izao : tsy fitiavan-tanindrazana ny dikan'ny hoe "patriotisme" andrasantsika rehetra amin'izao fa fahafoizan-tena ho an'ny tanindrazana. Ny fitiavan-tanindrazana dia "nationalisme" fotsiny. Fa ny "patriote" dia izay mahafoy tena ho an'ny tanindrazana. Io indrisy no tsy mbola misy eto anivontsika. Maro ny milaza tia tanindrazana fa vitsy ny mahafoy ho an'ny tanindrazana. Toa fanangonana aza no misy. Mila Zake ny androntsika izao : Tompoko, indro ny antsasaky ny fananako omeko ny mahantra, ary raha misy zavatr'olona nalaiko tsy an-drariny dia honerako inefatra hoatra azy.

Ry Kristianina havana, ireo ny foto-kevitra atolotry ny Eglizy amintsika amin'izao isika manomboka ny Sinaody izao, ka raha tiantsika ho tena mpanorina tokoa isika dia aoka hivelona ireo hafatra ireo. Aoka hahay hihampihaino isika. Aoka ho vonona hahafoy. Aoka ho fitiavana tsy misy takalo, fitiavana maimaim-poana izay nambaran'i Jesoa sy nampianarany ary indrindra nasehony tamin'ny alalan'ny fanolorany ny tenany teo amin'ny hazo fijaliana satria tsy manao "démagogie" izy, tsy manao kobaka am-bava izy. Io no naha-fola-kevitra an'I Gandhi. Ny fitiavana dia fanompoana, fikatsahana ny soa sy ny tsara ho an'ny hafa ary atao izany handresena ny ratsy, mikatsaka mandrakariva ny soa iombonana sy ny besinimaro izay hany lalana tokana mitondra ny fivelarana ny tontolom-piainana sy tontolo iainana ary ny tontolom-pinoana ka hahatonga antsika tokoa ho soa sy ho tsara ao anatin'ny fiadanan'i Kristy.

Ry Jesoa Tompo ô atoronao anay fa tokana ny làlam-piainana dia ny fitiavana ary indrindra ny fitiavana ireo osa sy malemy ka ampio izahay handresy ny fitiavan-tenanay, handresy ny fialonana mahatonga anay manilikilika ny hafa sy manapotika ny tontolo iainanay. Ampio izahay handresy ny avonavona ka hiombona mandrakariva aminao ka hikatsaka ny soa sy ny tsara ary hanatanteraka ny marina eo amin'ny fiainanay. Masina Maria Reny ô ny volana Oktobra no tapitra fa ny fiaraha-mivavaka aminao fa indrindra amin'izao Sinaody izao mitohy hatrany eo anivon'ny fianakaviana "Eglizy kely". Matoky ny vavakao izahay mba ho "Senakla" tokoa izao Sinaody izao. Md Josefa ô Ray Mpiaron'ny Eglizy Erantany ianao, arovy izahay tsy ho lavo amin'ny fakam-panahin'ny fitiavan-tena, ny avonavona, ny fialonana… fa hikatsaka mandrakariva ny fitiavana mahafoy hanorina ny Eglizy Olo, velomin'ny Batemy zary Tabernakla velona. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson